# Ilay Voa Tsara Nafafy 19 Novambra 2018

# 19 **Alatsinainy** novambra

**Tsy fantany fa Izaho no nahasitrana azy. Tamin'ny kofehy fitarihana olona no nitarihako azy, dia tamin'ny mahazakan'ny fitiavana… Tsy nety nibebaka izy.** Hosea 11. 3-5

## Miandry anao ny dokotera

Manantena aho fa salama tsara ianao, na ara-batana na ara-tsaina. Raha tsy izany, dia mino aho fa tsy lavinao izay fitsaboana mety hanamaivana ny fijalianao sy hanasitrana anao. Hadalana ny handà izany !

Raha ny momba ahy, dia narary mafy aho, azon'aretina antsoina hoe ota ary tsy maintsy mitarika izay azony ho amin'ny fahafatesana. Ny atao hoe ota, voalohany indrindra, dia ny miaina tsy mihevitra an'Andriamanitra, na ny sitrapony, na ny fahamoram-panahiny. Hilaza angamba ianao hoe tsy misy idiranao izany, kanefa ny olona rehetra dia tratran'io areti-mandoza io avokoa, ka araka izany, dia tratrany koa ianao.

Andriamanitra dia mikarakara anao, toy ny nikarakarany ahy. Nanasitrana ahy Izy, ary te hanasitrana anao koa. Fantatrao ve hoe amin'ny fomba ahoana ? Izy, Ilay Andriamanitra lehibe, Ilay nahary ny lanitra sy ny tany, Ilay mahafantatra ny zavatra rehetra, mahita ny zavatra rehetra, mahare ny zavatra rehetra, Ilay Andriamanitra tsy misy fetra, feno fiandrianana sy avo manerinerina, dia nanatona antsika. Ny hanasitrana antsika amin'izany aretina izany no tena nahatongavany tetỳ an-ty. Mba hanatanterahany izany dia nirahiny i Jesosy Kristy, mba ho faty hisolo antsika. Ny nanaovan'i Jesosy Kristy sorona ny tenany no hany fomba ahazoantsika famonjena ; fa raha tsy izany, dia tsy afaka ny ho voavela heloka isika.

Izany famonjena lehibe izany dia atolotra anao koa, saingy tsy maintsy mandray izany ianao, amin'ny alalan'ny finoanao an'i Jesosy Kristy. Ilay Andriamanitra Mpanasitrana no efa namaritra ny toetran'taina tsy azo lavina mahazo anao, ary andrasany ianao ankehitriny handray ny fanafody omeny maimaimpoana. Aza lavina io fanafody io, aza lavina ny famonjena omen'Andriamanitra, mba tsy hahameloka anao ho very mandrakizay. Miandry anao Andriamanitra, kanefa hisy fetra izany. Aza mangataka andro, fa antsoy Izy.